

PERIKOPA ALAHADY 08 Septambra 2024
(Péricope du Dimanche 08 Septembre 2024)

Salamo / Psaume 116
Isaia / Esaïe 35 : 4 - 7
Jakoba / Jacques 2 : 1 – 5
Marka / Marc 7 : 31 - 37

**« Dia talanjona indrindra ny olona ka niteny hoe:
Tsara ny nanaovany ny zavatra rehetra;
fa sady mampalady ny marenina lzy no mampiteny ny moana. »**

Marka 7.37

« Remplis d'étonnement, ils disaient:

«Il fait tout à merveille;

il fait même entendre les sourds et parler les muets.»

Marc 7.37

SALAMO 116 (MRV)

- 1 Izaho dia tia NY TOMPO satria efa nandre ny feon'ny fifonako lzy;
- 2 satria efa nanongilana ny sofiny tamiko lzy; dia hiantso aho raha mbola velona koa.
- 3 Nihodidina tamiko ny famatoran'ny fahafatesana ary nahazo ahy ny fahorian'ny fitoeran'ny maty; nahita fahoriana sy alahelo aho.
- 4 Dia niantso ny anaran'NY TOMPO aho hoe: Mifona Aminao aho, TOMPO ô, afaho aho.
- 5 Mamindra fo sy marina NY TOMPO; eny, miantra Andriamanitsika.
- 6 Miaro ny olona tso-po NY TOMPO; reraka aho dia namonjy ahy lzy.
- 7 Miverena ho amin'ny fitsaharanao, ry fanahiko, fa NY TOMPO efa nanisy soa anao.
- 8 Ianao dia nanafaka ny fanahiko tamin'ny fahafatesana sy ny masoko tamin'ny ranomaso ary ny tongotro tamin'ny fahatafintohinana.
- 9 Handeha eo anatrehan'NY TOMPO eo amin'ny tanin'ny velona aho.
- 10 Nanam-pinoana tokoa aho na dia niteny aza hoe: Reraka loatra aho.
- 11 Hoy aho tamin'ny fahatairako: Mpandainga ny olona rehetra.
- 12 Inona no havaliko NY TOMPO noho ny soa rehetra nataony tamiko?
- 13 Handray ny kapoaky ny famonjena aho ka hiantso ny anaran'NY TOMPO.
- 14 Hanefa ny voadiko amin'NY TOMPO aho; eny, eo anatrehan'ny olony rehetra.
- 15 Sarobidy eo imason'NY TOMPO ny fahafatesan'ny olony masina.
- 16 Indrisy, TOMPO ô! Mpanomponao tokoa aho; eny, mpanomponao sady zanaky ny mpanompovavinao. Namaha ny fatorako ianao.
- 17 Ianao no hanolorako fanati-pisaorana, ary ny anaran'NY TOMPO no hantsoiko.
- 18 Hanefa ny voadiko amin'NY TOMPO aho eny, eo anatrehan'ny olony rehetra,
- 19 dia eo an-kianjan'ny tranon'NY TOMPO, eo afovoanao, ry Jerosalema ô! Haleloia.

PSAUME 116 (S21)

- 1 J'aime l'Éternel, car il entend ma voix, mes supplications.
- 2 Oui, il a penché son oreille vers moi et je ferai appel à lui toute ma vie.
- 3 Les liens de la mort m'avaient enserré, et les angoisses du séjour des morts s'étaient emparées de moi; j'étais accablé par la détresse et la douleur,
- 4 mais j'ai fait appel au nom de l'Éternel: «Éternel, sauve-moi!»
- 5 L'Éternel fait grâce et il est juste, notre Dieu est rempli de compassion.
- 6 L'Éternel garde ceux qui manquent d'expérience; j'étais affaibli, et il m'a sauvé.
- 7 Retrouve le repos, mon âme, car l'Éternel t'a fait du bien!
- 8 Oui, tu as délivré mon âme de la mort, mes yeux des larmes, mes pieds de la chute.
- 9 Je marcherai devant l'Éternel au pays des vivants.
- 10 J'avais confiance, même lorsque je disais: «Je suis plongé dans le malheur!»
- 11 Dans mon angoisse, je disais: «Tous les hommes sont des menteurs.»
- 12 Comment pourrais-je rendre à l'Éternel tous ses bienfaits envers moi?

13 Je lèverai la coupe des délivrances et je ferai appel au nom de l'Éternel,
14 j'accomplirai mes vœux envers l'Éternel en présence de tout son peuple.
15 Elle a du prix aux yeux de l'Éternel, la mort de ses fidèles.
16 Ecoute-moi, Éternel, car je suis ton serviteur, ton serviteur, le fils de ta servante! Tu as détaché mes liens:
17 je t'offrirai un sacrifice de reconnaissance et je ferai appel au nom de l'Éternel;
18 j'accomplirai mes vœux envers l'Éternel en présence de tout son peuple,
19 dans les parvis de la maison de l'Éternel, au milieu de toi, Jérusalem. Louez l'Éternel!

ISAÏA 35 : 4 - 7 (MRV)

4 Lazao amin'izay mitebiteby hoe: Mahereza, aza matahotra, indro Andriamanitrareo! Avy mitondra famaliana lzy, dia ny famalian'Andriamanitra; eny, lzy tokoa no ho avy ka hamonjy anareo.
5 Dia hampahiratina ny mason'ny jamba ary hampandrenesina ny sofin'ny marenina.
6 Hitsambikina tahaka ny diera ny mandringa ary hihoby ny lelan'ny moana. Fa hisy rano hiboiboika any an-tany efitra ary hisy renirano any amin'ny tany karankaina.
7 Ny tany ngazana dia ho tonga farihy, ary ny tany mangentana dia ho loharano miboiboika; ny fonenana izay amitsahan'ny amboadia dia haniry volotara sy zozoro.

ESAÏE 35 : 4 - 7 (S21)

4 Dites à ceux qui ont le cœur battant: «Fortifiez-vous, n'ayez pas peur! Voici votre Dieu: elle viendra, la vengeance, la rémunération de Dieu. Il viendra lui-même pour vous sauver.»
5 Alors les yeux des aveugles seront ouverts et les oreilles des sourds seront débouchées.
6 Alors le boiteux sautera comme un cerf et la langue du muet lancera des cris joyeux. Oui, de l'eau jaillira dans le désert et des ruisseaux dans la plaine aride.
7 La terre brûlante deviendra un étang et la terre aride se changera en sources d'eau. Dans le repaire qui servait de gîte aux chacals pousseront des roseaux et des joncs.

JAKOBA 2 : 1 – 5 (MRV)

1 Ry rahalahiko, aoka tsy hasiana fizahan-tavan'olona ny finoanareo ny Tompontsika be voninahitra, dia Jesosy Kristy.
2 Raha misy olona miditra eo amin'ny sinagoganareo ka misy peratra volamena amin'ny rantsantanany sady miakanjo tsara, ary mba miditra kosa izay olona mahantra sady miakanjo ratsy,
3 raha mijery ilay miakanjo tsara ianareo ka miteny hoe: Mipetraha etsy amin'ny toerana aloha ianao! Nefa miteny amin'ilay mahantra kosa hoe: Mijoroa eroa ianao! Na: Mipetraha etsy amin'ny fitoeran-tongotro!
4 Moa tsy manavakavaka va ianareo amin'izany ka efa mpitsara manan-kevi-dratsy?
5 Mihainoa, ry rahalahy malalako: Tsy efa nofidin'Andriamanitra va ny mahantra amin'izao fiainana izao ho mpanankarena amin'ny finoana sy ho mpandova ny fanjakana nolazainy homena izay tia Azy?

JACQUES 2 : 1 – 5 (S21)

1 Mes frères et sœurs, que votre foi en notre glorieux Seigneur Jésus-Christ soit libre de tout favoritisme.
2 Supposez en effet qu'entre dans votre assemblée un homme portant un anneau d'or et des habits somptueux, et qu'entre aussi un pauvre aux habits crasseux.
3 Si vous tournez les regards vers celui qui porte les habits somptueux pour lui dire: «Toi, assieds-toi ici à cette place d'honneur» et que vous disiez au pauvre: «Toi, tiens-toi là debout» ou bien: «Assieds-toi par terre, à mes pieds»,
4 ne faites-vous pas en vous-mêmes une distinction et ne devenez-vous pas des juges aux mauvais raisonnements?
5 Ecoutez, mes frères et sœurs bien-aimés: Dieu n'a-t-il pas choisi ceux qui sont pauvres aux yeux du monde pour les rendre riches dans la foi et héritiers du royaume qu'il a promis à ceux qui l'aiment?

MARKA 7 : 31 - 37 (MRV)

31 Ary niala indray avy tamin'ny faritanin'i Tiro Jesosy dia namakivaky an'i Sidona sy ny faritanin'i Dekapolisy ka nankany amoron'ny ranomasin'i Galilia.
32 Ary nisy marenina sady raiki-dela iray noentin'olona teo Aminy ka niangavy Azy izy ireo mba hametra-tanana aminy.

33 Ary nitondra an-dRalehilahy niala kely ny vahoaka Izy dia nangarona ny sofiny tamin'ny rantsantanany, dia nandrora ka nikasika ny lelany;

34 ary niandrindra ny lanitra Izy dia nisento ka niteny taminy hoe: Efata, izany hoe: Maladia!

35 Dia nalady ny sofiny sady voavaha ny fatoran'ny lelany ka afaka niteny tsara izy.

36 Ary nandrara ny olona teo Jesosy mba tsy hilaza na amin'iza na amin'iza; kanefa na dia norarany aza ireo dia vao mainka nampielany izany bebe kokoa.

37 Dia talanjona indrindra ny olona ka niteny hoe: Tsara ny nanaovany ny zavatra rehetra; fa sady mampalady ny marenina Izy no mampiteny ny moana.

MARC 7 : 31 - 37 (S21)

31 Jésus quitta le territoire de Tyr et revint par Sidon vers le lac de Galilée en traversant la région de la Décapole.

32 On lui amena un sourd qui avait de la difficulté à parler et on le supplia de poser la main sur lui.

33 Il le prit à part loin de la foule, lui mit les doigts dans les oreilles et lui toucha la langue avec sa propre salive.

34 Puis il leva les yeux au ciel, soupira et dit: «Ephphatha» – c'est-à-dire «Ouvre-toi».

35 Aussitôt ses oreilles s'ouvrirent, sa langue se délia et il se mit à parler correctement.

36 Jésus leur recommanda de n'en parler à personne, mais plus il le leur recommandait, plus ils le proclamaient.

37 Remplis d'étonnement, ils disaient: «Il fait tout à merveille; il fait même entendre les sourds et parler les muets.»